



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha · Tanindrazana · Fahandroana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-40

**FIFIDIANANA NY MPIKAMBANA IRAY HO SOLOTENAN'NY
ANTENIMIERAMPIRENENA HO EO ANIVON'NY «HAUT CONSEIL POUR LA
DEFENSE DE LA DEMOCRATIE ET DE L'ETAT DE DROIT (HCDDÉD)»**

Fivoriana faha-27
Natao ny
Alarobia 11 Desambra 2019
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

MPITANTSORATRA: Ramatoa isany: - MICHELLE Bavy Angelica
- RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

FOTOANA: Alarobia 11 Desambra 2019 tamin'ny 10 ora sy 55, minitra, maraina.

FANDAHARA-POTOANA: Fifidianana ny mpikambana iray ho solotenan'ny Antenimierampirenena ho eo anivon'ny «Haut Conseil pour la Défense de la Démocratie et de l'Etat de Droit (HCDDDED)».

Nivory ny Alarobia 11 Desambra 2019 tamin'ny 11 ora sy 55 minitra, atoandro, ny Solombavambahoaka, notarihan'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa.

Reheha avy nirahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana.

Talohan'ny hirosoana tamin'izany nambarany, fa nisy volavolan-dalàna roa mikasika ny fiaraha-miasa amin'ny Sinoa, «Projet de loi de ratification avec la Coopération Chinoise», tokony hodinihana sy handraisana fanapahan-kevitra eto amin'ny Antenimierampirenena; tsy tratran'ny Governemanta anefa ny fanomanana izany, ka hahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana azy.

Nanambara koa izy, fa nisy taratasy nalefan'Andriamatoa Praiminisitra, mangataka ny hampidirana ao anatin'ny fandaharam-potoana mikasika ireto volavolan-dalàna manaraka ireto:

- «Projet de Loi n°008/2019 du 20/11/2019 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du programme Catastrophe Deferred Drawdown Option (CAT DDO) entre le République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD)» sy ny
- «Projet de Loi n°009/2019 du 04 décembre 2019 relative à la Lutte Contre les violences Basées sur le genre».

Mba ho fampiharana ny andininy faha-86 andalana faha-3 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-46, andalana faha-4 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena izay manome laharam-pahamehana ny fandaharam-potoana avy amin'ny Governemanta dia hotapahantsika avy hatrany ny hampidirana izany ao amin'ny Lahadinika.

Taorian'izay, nambarany koa, fa ny anton'izao fivoriambe izao dia fifidianana ny mpikambana iray ho solotenan'ny Antenimierampirenena ho eo anivon'ny «Haut Conseil pour la Défense de la Démocratie et de l'Etat de Droit (HCDDDED)».

Taorian'izay, nanao satroka Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA, nilaza fa aleo hatao ny "ratification" izay efa vonona, fa ireo tokony natao omaly no atao farany.

Namaly Ramatoa RAFENOMANATSOA Tsirimaharo Ny Aina, fa aleo mba atao androany ny mikasika ny «proposition de loi organique n°004-2019/PL relative au statut de la Magistrature».

Raha nomena fitenenana kosa, Andriamatoa Solombavambahoaka, nilaza fa rehefa misy zavatra mikasika ny Sinoa, tokony ho ny Solombavambahoaka aloha no handinika azy, fa tsy alefa fotsiny amin'izao.

Mikasika ny fitsarana indray, tsy tokony hatao sangisangy satria zava-dehibe ny momba izany. Ataovy aloha ny asanareo Birao Maharitra ary jereo koa ny momba ireo Solombavambahoaka roa mbola migadra. Raha tahaka anay taloha, tsy nanaiky izany fanagadrana izany. Noho izany, tsy tokony hodinihana io resaka «Magistrat» raha tsy mivoaka ny Solombavambahoaka namanay. Aleo arovana ny namana vao dinihana io zavatra io.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, nanambara fa aleo arahina ny «ordre du jour» efa lany.

Nanamarika koa izy, fa tokony mba hisy feo avy amin'ny Solombavambahoaka mikasika ny «îles éparses» izay anaovana fivoriana eny ami'ny CCI Ivato.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa mitombina ny voalazan'Andriamatoa REMI Dit DJAO Jean teo.

Tsy hanova ny «ordre du jour» efa vita no valiny ho an'Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA ary tsy hihoatra ny 5 minitra ny fampahafantarana hataon-dRamatoa RANDRIANARIVELO Herisoa.

Namabarany koa aleo alefa aloha ny momba ny resaka tolo-dalàna amin'io «Magistrat» io.

Nomena fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore ary nanamafy fa tsy afaka ato amintsika intsony iy fanovàna “ordre du jour” matetika ity. Tokony hojerena ny laharam-pahamehana rehefa manao zavatra ary tokony handalo asam-baomiera vao anaovana fivoriambe raha ny marina.

Aleo mandinika tsara rehefa manao zavatra satria zava-dehibe daholo ireo rehetra ireo.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa atao anio tolak'andro ny «commission» dia miditra fivoriambe rahampitso izy roa ireo. Aorian'izay, atao ny «questions-réponses» iarahana amin'ny Governemanta. Izay no antony nampidirana azy androany.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa REMI Dit DJAO Jean, nanambara fa aleo atao ny tsangan-tànana, ka izay lany eo no arahina. Avoahy aloha ny namanay vao alefa io resaka “magistrate” io.

Andriamatoa TSARADIA Marco, nilaza fa marina ny voalazan-dRamatoa JOHASY teo hoe: aleo atao ny “commission”, rahampitso atao indray ny fivoriambe.

Andriamatoa IDEALSON kosa nilaza fa tsy tokony hanao “chantage” ny Solombavambahoaka. Efa nanao tolo-dalàna isika, ka anjaran’ny Governemanta.

Mihavitsy isika amin’izao fotoana izao, tokony holaniana ny “ordre du jour” fa tsy hilaza hoe: avoahy aloha ny namanay vao mandany izahay. Raha momba an’iny , efa nisy valin-teny nomen’Andriamatoa Minisitry. Mpitsara koa aho, hoy izy, ka rehefa misy an’izany, mamaly an-taratasy izy. Manoloana izany, aleo miray hina isika.

Nandray fitenenana, RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA ary nilaza fa manohana ny olona natolotra hisolotena eny amin’ny HCDDDED.

Rehefa misy volavolan-dalàna tonga, miasa ny “commission” ary avy eo atao ny fivoriambe, izay no izy; kanefa tsapa fa misy koa mpitsara tsy manao ny asany amin’ny tokony ho izy. Miasa izahay vaomiera, taratasy no valin’izany, maninona no atao an’izany, fa ny an’ny Governemanta terena hampidirina ao anaty “ordre du jour”-ntsika.

Nanamarika koa izy, fa tokony homena hajany ny Solombavambahoaka, indrindra amin’ny resaka fanajana fotoana.

Raha aminay, manokana aleo ahemotra ity resaka “Magistrat” ity ary hodinihana lalina vao aroso eto indray.

Nanambara, Andriamatoa ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien, fa lany andro eto isika fa aleo atao ny fifidianana.

Nilaza Andriamatoa RAKOTONIRINA Jimmy Joe, fa manana fotoam-pivoriana roa isika mandritry ny taona, asio fivoriana tsy ara-potoana raha ilaina ny anaovana izany amin’izay tsy lasa amboetra ny “ordre du jour”. Ny omaly atao androany, ny sisa atao amin’ny taona 2020.

Nandray fitenenana, Andriamatoa REMI Dit DJAO Jean ary nilaza fa tsy misy zazakely eto satria efa 25 taona no naha Solombavambahoaka azy. Aleo firaisan-kina no atao, satria efa nisy Solombavambahoaka saika nogadraina teto fa tsy nanaiky izahay.

Raha io resaka “Magistrat” io aleo dinihana tsara tsy halefa fotsiny amin’izao, izay manam-pahaizana, tazony ny fahaizanareo. Aminay, aleo ahemotra ny momba azy io.

Manohana an’io Ramatoa natolotra hisolotena antsika ho eny amin’ny HCDDDED io izahay.

Taorian’izay, nanambara Andriamatoa Filoha, fa handray fanapahan-kevitra mikasika an’izay ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka iray no nanaiky fa haroso, Solombavambahoaka miisa 4 no tsy nilaza ny heviny; Solombavambahoaka miisa 16 kosa no nilaza fa ahemotra ny fandinihana ny resaka “Magistrat”.

Nambaran’Andriamatoa Filoha, fa lany ny tsy hampidirana ny “proposition de loi organique n°04-2019/PL relative au statut de la Magistrature”.

Mikasika ny «projet de loi n°008/2019» sy ny «projet de loi n°009/2019» izay nangatahan'ny Governemanta hampidirina ao amin'ny «ordre du jour» kosa, nambarany fa hanaovana «commission» aloha androany dia rahampitso no handalo fivoriambe. Nandraisana fanapahan-kevitra izany ka toy izao.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 25 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny «ordre du jour» vaovao teo.

Taorian'izay, nilaza izy fahiroso amin'ny fifidianana izay ho solotena eny amin'ny HCDDDED ny mpivory.

Niangaviany mba hamaky ny andinin-dalàna mikasika izany ny Mpitantsoratra.

Nanatanteraka izany Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, katoz izao no fivakin'izany:

«Article 5 de la loi n°2015-001 relative au Haut Conseil pour la Défense de la Démocratie et de l'Etat de Droit».

«Article 5: Le HCDDDED est composé de 9 membres reconnus sur le plan national pour leur intégrité, leur compétence et leurs expériences dans une discipline intéressant le HCDDDED, dont:

1. Une personnalité désignée par le Président de la République;
2. Une personnalité élue par le Sénat;
3. Une personnalité élue par l'Assemblée Nationale;
4. Une personnalité élue par la Haute Cour Constitutionnelle;
5. Une personnalité élue par la Cour Suprême réunie en assemblée générale;
6. Une personnalité élue par les organisations ou associations légalement constituées œuvrant pour la démocratie et/ou l'Etat de Droit;
7. Une personnalité issue des organisations ou associations pour la défense des droits de l'homme élue par la Commission Nationale Indépendante des Droits de l'Homme (CNIDH);
8. Une personnalité élue par l'Ordre des Journalistes;
9. Une personnalité élue par l'Ordre des Avocats.

Le mandat des membres du HCDDDED est de cinq ans non renouvelable. Les modalités d'élection, pour les entités non régies par un règlement intérieur, sont fixées par voie réglementaire. Chaque membre du HCDDDED est désigné officiellement par écrit par l'entité concernée. La désignation et les élections sont constatées par décret du Président de la République».

Rehefa avy nisaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny famakiana ny andinin-dalàna, Andriamatoa Filoha dia niangavy an-dRamatoa RANDRIANARIVELO Herisoa, mba hanao ny fampahafantarana azy amin'ny Solombavambahoaka.

Teo ampiandohana, nanambara Ramatoa RANDRIANARIVELO Herisoa, fa managataka ny fitokisan'ny Antenimierampirenena izy amin'ny hanatontosany ny asany.

Maro ny asa efa nosahaniny talohan'izao hirotsahany hofidina ho solotenan'ny Antenimierampirenena eo anivon'ny HCDDDED izao.

Mpitsara «1^{ère} grade» ny tenany, efa niasa tany Fianarantsoa sy tany amin'ny toerana hafa ihany koa. Niofana tany amin'ny "Ecole Nationale de l'Administration" na ny ENA tany "Paris". Nomarihany fa hitondra ny anajara birikiny ho fanamafisana ny tany tan-dalàna koa izy raha i Madagasikara no resahana. Vonona ny hiaro ny demokrasia ihany koa amin'ny fampiharana ny tany tan-dalàna; torak'izany, hifanome tana amin'ny Solombavambahoaka amin'ny fanatanterahana ny asany.

Izay raha atao ambangovangony ny mombamomba azy

Teo ampamaranana, nitaona ny Solombavambahoaka izy, mba hifidy azy ho amin'io toerana misahana adidy goavana io.

Taorian'izay, nilaza Andriamatoa Filoha, fa araka ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, latsabato miafina no hatao. Nomarihany ihany koa kandida tokana no hofidina, ka toy izao no ho fizotry ny fifidianana.

Antsoina tsirairay ny Solombavambahoaka, manatona etỳ aloha, maka ny taratasin-datsabato ary mankao amin'ny "isoloir"; asiana marika eo ankavanana araka izay safidinao ao anatin'ireo efajoro mifanila amin'ny anaran'ny mpilatsaka hofidiana. Aorian'izay, alatsaka ao anaty vata mangarahara.

Rehefa izany nanome fitenenana ny Solombavambahoaka, Andriamatoa Filoha.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, nambarany fa voasoratra ao anaty Lalàmpanorenana izao fifidianana izao, araka ny andininy faha-43; efa nilaza ny fahavononany Ramatoa kandida, ka aleo hatao ny fifidianana.

Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène kosa nanamarika fa manana ny fahaizana entina hiaro ny zon'olombelona ny kandida, ka aleo arotsaka ho ny vato rehetra. Eo anatrehan'izay, jereo ny Solombavambahoaka rehefa tonga amin'io toerana io, aza manao toy ny teo aloha. Vonona ny hifidy anao izahay.

Efa vonona ny hifidy ny kandida tokana izahay, hoy Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré satria ampy raha ny fari-pahaizana ananany, sady aleo mba vehivavy indray no hisolotena antsika ao amin'ny HCDDDED.

Nanao satroka, Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina ary nilaza fa hametraka fanontaniana alohan'ny fifidianana.

Nilaza Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol, fa efa vonona ny hifidy ny kandida ary nirary soa ho azy.

Nanamarika Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa sao tsy ampy ny isan'ny mpifidy.

Taloha, tsy nahasolotena anay ny olona nofidinay ho any amin'ny HCDDDED, hoy hatrany izy, koa mitsangana ianao rehefa lany, hiaro ny Solombavambahoaka.

Misy namanay migadra, mpitsara namanareo ihany no mitazona ny "dossier", jereo ny momba ireo olona ireo mba hisian'ny "Etat de droit".

Matokia fa hifidy anao izahay.

Ramatoa JOHASY Eléonore kosa nilaza fa vehivavy ny kandida ary fantatra fa hahavita izany adidy izany ka leo hofidina avy hatrany.

Maro ny firehena tao amin'ny Antenimierampirenena ka tokony ho vonona ny hiatrika izany ny kandida rehefa lany satria fiaraovana ny demokrasia daholo izany.

Efa nadray fanapahan-kevitra tamin'ireo namanay migadra izahay kanefa toa tsy hita izany hatramin'izao, koa ankinina aminao ny momba izany.

Hifidy anao izahay ary mirary soa hahavita be amin'ny adidy miandry anao.

Raha tamin'ny fifidianana farany teo, kivy ny vahoaka, hoy Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina; na izany aza hifidy anao izahay. Tokony tsy hanao ny zavatra nataon'ny teo alohano ianao rehefa lany eto. Mila toky avy aminao izahay fa tsy hanao an'izany ary aoka tsy izahay no lasa hanambitamby anao rehefa lany ianao, fa ianao no tokony hiresaka aminay.

Ramatoa ZAFINANDRO Perle Bien Aimée kosa nilaza fa hifidy azy amin'ny maha vehivavy azy; kanefa nametraka ahiahy sao hanao tahaka ny teo aloha. Azo atao ve ny manala azy amin'ny toerany raha miseho izay tranga izay. Ahoana ny namanay migadra, inona no hataonao.

Raha ny tsapa ny mpitsara no tena mpanao kolikoly, koa omeo paikady izahay amin'ny hiarovanao anay.

Nanao satroka, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert ary namely fa isika Solombavambahoaka ihany no mitady vahaolana mikasika ny namantsika. Azon'ny kandida tsy valiana ny momba iny farany iny.

Nilaza Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré fa lava loatra ny adihevitra misy ka aleo hiroso ny mpivory.

Nanambara Ramatoa RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine, fa aleo haroso ny fifidianana satria efa maro ny zavatra nolazaina.

Hofidinay ianao satria vehivavy mitovy aminay.

Nitovy hevitra tamin'ny namany teo aloha Andriamatoa RAJOELINA Andriami-harimanana Seth, fa aleo aroso ny fifidianana.

Ny HCDDDED no miaro ny demokrasia eto amintsika, hoy Andriamatoa IDEALSON; any no ivantanan'ny fitarainana, izy no mitandro ny tany tan-dalàna ka inona no tsy hifidianana azy.

Mikasika ny namanay, adidy tandrify anao izany, ka tokony hisy zavatra azonao atao satria afaka mifanampy isika.
Mitaona antsika hifidy azy.

Taorian'izay, nilaza Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fifidianana ny Solombavambahoaka.

Niangavy Solombavambahoaka miisa telo izy mba hanara-maso ny fizotry ny fifidianana, ka ireto avy izany, Andriamatoa isany:

- IDEALSON
- ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
- RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurélien

Rehefa natao ny fanisam-bato, toy izao no vokatra tamin'izany:

Isan'ny Solombavambahoaka nandray anjara tamin'ny fifidianana: 60

Vato maty: 02

Vato fotsy: 00

Vato manan-kery: 58

Vato azon-dRamatoa RANDRIANARIVELO Herisoa: 58.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany hisolotena ny Antenimierampirenena eny amin'ny HCDDDED, Ramatoa RANDRIANARIVELO Herisoa.

Rehefa izany, nomena fitenenana izy ary nambarany tamin'izany, fa manome toky ny Antenimierampirenena izy amin'ny asa hataony ary tsy hanao izay nataon'ny teo aloha ihany koa.

Vonona ny hiatrika ny andraikitra izay makadiry na misy aza ny firehana samihafa.

Fisaorana ny Solombavambahoaka nifidy azy ary notsindriany, fa na mpitsara aza ny tenany, tsy ho sakana amin'ny fandraisana andraikitra izany sady afaka mifanampy tokoa ny tenany sy ny Solombavambahoaka izay nifidy azy.

Rehefa izany, nirary soa ho azy hahavita be, Andriamatoa Filoha sady mbola nanome fitenenana ny Solombavambahoaka indray.

Nirary soa ho an-dRamatoa RANDRIANARIVELO Herisoa, amin'ny didy hosahaniny, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson raha nomena fitenenana.

Niala tsiny ihany koa satria hivaona amin'ny zavatra natao teto; nambarany fa anio no atao ny fakan-kevitra mikasika ny "îls eparses" kanefa tsy misy solotenantsika mandray anjara amin'izany. Maninona no tsy ilazana ny Solombavambahoaka rehefa misy dinika atao tahaka izany; rehefa mody izahay, tsy afaka miteny amin'ny mpifidy anay hoe izao sy izao no nitranga tamin'izany.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa efa nanao fanambarana mikasika izany ny Antenimierampirenena ary miombon-kevitra amin'izay zavatra atao eny amin'ny CCI Ivato. Nomarihany ihany koa, fa araka ny mahafohy ny fotoana no mahabetsaka ny zavatra dinihana eto amintsika. Fantatra fa tsy maintsy laharam-pahamehana ny volavolan-dalàna avy amin'ny Governemanta ka izay no antony mahatonga izany.

Nanambara Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, fa tsy naheno an'izany fanambarana natao izany.

Fanampin'izay, misy fahatarana foana ny zavatra ataon'ny Birao Maharitra, inona no anton'izany.

Marina fa misy koa ny fanampenam-bava ny Solombavambahoaka rehefa misy zavatra atao any aminy, anisan'ny nahazo azy izany, fa tsy maninona avelao ho any ny zavatra efa lasa. Aza malahelo amin'izany isika.

Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery kosa nanindry fa tokony hapetraka amin'ny toerana sahaza aza ny Antenimierampirenena; hiaro ny Solombavambahoaka no nametrahana ny Birao Maharitra ka tokony hahay haka lesona amin'ny zava-nisy teo aloha. Marina fa nisy ny fifidianana Ben'ny Tanàna natrehintsika teo, na izany aza tokony ho afaka vahana izay olana izay.

Tsapa koa fa misy tsy fanajana fotoana, satria rehefa hifarana ny fivoriana vao misy volavolan-dalàna tonga. Tsy mety izany fa mila vahaolana.

Mikasika ny "questions-réponses" rahampitso, aoka mba tsy hatao telo minitra fotsiny ny faharetan'ny fandraisana fitenenana, fa tsy ampy izany fe-potoana izany.

Nanao satroka Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina ary nilaza, fa efa tonga ny Minisitra, koa maninona raha atao amin'izay ny resaka "ratification" satria mbola hamonjy "Conseil du Gouvernement" izy aorian'izay, sao hihemotra indray rehefa avy eo.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, nambarany fa tokony nilaza tamin'ny Solombavambahoaka ny Birao Maharitra momba ny fakan-kevitra mikasika ny "îles éparses" atao eny Ivato. Tokony hisy fampitam-baovao satria tsy voatery ho eny vao afaka maneho hevitra mikasika an'izay isika.

Rehefa tapitra ny fandraisam-pitenenana nataon'ny Solombavambahoaka dia ninary soa hahavita ny adidiny ho an-dRamatoa RANDRIANARIVELO Herisoa, Andriamatoa Filoha sady nanome alalana azy handeha hamonjy ny adidy hafa, fa ny asan'ny Antenimierampirenena mbola hitohy hatrany.

Nisaotra ny Solombavambahoaka ihany koa izy tamin'ny fahatontosan'ny andraikitra noraisina teto.

Niato tamin'ny 1 ora, atoandro ny, fivoriana, rehefa avy nisaotra ny rehetra, Andriamatoa Filoha.



 NY FILOHA
 RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle